


**VIDEO ETO**



**Eric Ratsimbazafy, mpanolotra mpikaroka MAE**



********************************************

**Lahatenin'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny governemanta, Ntsay Christian nandritra ny lanonam-panokafana amin'ny fomba ofisialy**

**ny fikaonan-doham-pirenena «*Dinika Nosy Malagasy*»**

CCI Ivato – 09 desambra 2019




Tompokolahy sy tompokovavy,

Ny voalohan-teniko dia ny fitondrana ny fiarahabana sy fisaorana ho anareo rehetra, avy amin'ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry Rajoelina, ary avy amin'ny tenako manokana ihany koa. Ny fahatongavanareo soa aman-tsara avy amin'ny lafy valon'ny Nosy ary ny fahavononana asehonareo ka andraisanareo anjara amin'ity fikaonan-doham-pirenena ity. "*Dini ka Nosy Malagasy, ampitao ny hevitrao*
", izay tokoa no anton'izao fihaonantsika mandritra ny telo andro, manomboka anio izao. Zava-dehibe loatra ho antsika Malagasy ny fiombonana, fotoana hahafahantsika mampiseho izany firaisam-pirenena izany izao, izany hambopom-pirenena izany, izany fitiavan-tanindrazana izany, amin'ny alalan'ny hetsika fampivondronana ny herin-tsaina sy ny herim-po ao anatin'ny toe-panahy maha-Malagasy antsika. Ka fotoana izao, ny handrosoantsika maneran-tany fa tena firenena manana ny maha izy azy tokoa i Madagasikara mamintsika.



Tompokolahy sy tompokovavy,

Ekena fa maro ireo dingana efa natao hamerenana amin'i Madagasikara ireo Nosy Malagasy manodidina ireo, tao anatin'izany fotoana lavalava, taona maro niverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara izay.

Miavaka mihitsy anefa ny anio, satria sambany teo amin'ny tantaran'ny firenentsika no misy fotoana natokana toy izao, hampivondronana ny olom-pirenena tsy vaky volo sy ny hery velona tsy ankanavaka mba handinika, hikaon-doha, ny amin'ny ho avin'ireo Nosy Malagasy ireo. Izany no isaorako eram-po, eran-tsaina anareo rehetra tonga maro manatrika etoana anio satria hanoratra tantara vaovao isika eto anivon'ity firenena iombonana ity, amin'ny alalan'ny fandraisan'anjarantsika mavitrika amin'ity Dinika Nosy Malagsy ity. Ka izany dia ho fanohitra lehibe entintsika Malagasy mijoro sy miady ny mba hamerenana ny fiandrianam-pirenentsika amin'ny Nosy Sambatra, Nosy Kely, Nosy Bedimaky ary Nosy Ampela.

Izany tokoa ry Malagasy havako, no anaran'ireo Nosy efatra ireo, fa tsy ireo anarana vahiny niantsoana azy hatramin'izao hoe Ile Glorieuse, Juan de Nova, Bassas da India ary Europa. Izany dia efa manambara sahady ny soritra nisian'ny Malagasy nonina na nivelona tamin'ireo Nosy ireo nandritra ny taona maro.



[illegible]



[illegible]



[illegible]